Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# NY VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA (PRIÈRE D'INTERCESSION)

Antsoina koa hoe **« RANOMBAVAKY NY MPINO »** io Vavaka io any amin'ny Fiangonana sasany**. Vavaka Litorjika** izany, fa tsy vavaka torapo. Ny fametrahana azy ao anatin'ny Litorjia dia aorian'ny Fandraisana ny Fanasan'ny Tompo (raha misy izany), na aorian'ny Toriteny mialoha ny hanomezana ny Hafatra sy ny Tsodrano. Izany indray no hiarahantsika mandinika anio ato anatin'izao fandalinam-pinoana ataontsika izao, miompana amin'ny Lohahevitra lehibe hoe « **NY ANJARA TOERAN'NY VAVAKA AO ANATIN'NY LITORJIANTSIKA FPMA ».**

## 1. FA INONA MOA NY VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA ?

Tsy tokony hanadino na oviana na oviana ny Fiangonana, fa araka ny namaritana azy ao amin'ny Soratra masina, dia «Fanjakà-mpisorona, firenena masina» (*1 Petera 2, 9*) izy. Mahadiso hevitra ny sasany io famaritana io, satria nanjary nentina tany amin'ny ady fahefana eo amin'ny fanompoana ao anivon'ny Fiangonana izany. Fandikan-kevitra (interprétation) diso kanefa izany, ary tsy fahalalana ny Soratra masina fa entin'ny fisainana amin'ny maha-olombelona fotsiny. Araka ny Baiboly, **ny andraikitra voalohany sy lehibe indrindra ho an'ny Mpisorona dia ny mivavaka amin'Andriamanitra ho an'ny hafa** (prier Dieu pour les autres), **miseho eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny anaran'ny vahoakan'Andriamanitra** (se présenter à Dieu au nom du peuple), « hanao manda sy hijanona eo amin'ny banga eo anatrehan'Andriamanitra hifona ho an'ny tany mba tsy handravan'Andriamanitra azy » (*Ezekiela 22, 30*). Ny foto-pampianaran'ny Fiangonana Protestanta hatrany am-boalohany, rehefa nolavina ny fisian'ny «mpisorona vaovao» (pretra) araka ny fampianaran'ny katolika izay mihevitra fa averina tsy tapaka isaky ny manao ny Fanasan'ny Tompo ny fahatsiarovana ny «sorona masina» nataon'i Kristy hanavotana antsika, ny Kristiana rehetra dia « mpisorona avokoa »ny vahoakan'Andriamanitra (sacerdoce universel) ; noho izany, **adidin'ny Kristiana mahatsiaro tena ho efa voavonjy ary miaina ao anatin'ny fahasoavan'Andriamanitra ny mivavaka ho an'ny hafa eto amin'ity izao tontolo izao ity izay nametrahana antsika ho vavolombelona.** Fa hoy ny apôstôly Paoly, hoe: « Koa mananatra anareo voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra, ho an'ny mpanjaka mbamin'izay rehetra manana fahefana, mba hiainantsika miadana sy mandry fahizay amin'ny toepanahy araka an'Andriamanitra sy ny fahamaotinana rehetra. Izany no tsara ka ankasitrahana eo imason'Andriamanitra, eny manandra-tànana masina, tsy amin'ny fahatezerana na amin'ny fifandirana. » *1 Timoty 2, 1-6,8*.

Mazava ho azy, raha mivavaka isika ary manao ny « Vavaka fisaorana sy fangatahana » dia **mangataka amin'Andriamanitra ho an'ny hafa, misolo vava ny vahoakan'Andriamanitra sy izao tontolo izao tian'Andriamanitra** (*Jaona 3, 16)* **eo** Mpamonjy antsika, Izay tia ny olona rehetra hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina. Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesoa, Izay olona sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra, dia zavatra ho fitory amin'izao androny izao… Koa tiako ny lehilahy hivavaka eny tontolo **anatrehan'Andriamanitra.**

Ao amin'ny FANEKEM-PIHAVANANA TALOHA, mahazatra ny mahita « Mpanalalana » amin'Andriamanitra sy ny olona. Tsy àry Mpisorona avokoa izy ireny, fa nandray andraikitra noho ny faharesen-dahatra teo aminy, ka nangataka tamin'Andriamanitra ho an'ny hafa noho izy ireo. Azontsika tanisaina ho ohatra ao anatin'izany ireto :

- **ABRAHAMA** (*Genesisy 18, 16-32*) ;
- **MOSESY** (*Eksodosy 321, 11-14*) ;
- **SAMOELA** (*1Samoela 12, 23)* ;
- **DAVIDA** (*Salamo 28* ; *30* ; *36* ; *41*) ;
- **SOLOMONA** (*1Mpanjaka 8, 23-52*) ;
- **ELIA** (*1Mpanjaka 17 ; 18*) ;
- **HEZEKIA** (*2 Mpanjaka 19, 14-19*) ;
- **JEREMIA** (*Jeremia 14*) ;
- **EZEKIELA** (*Ezekiela 3 ; 22, 30*);
- **DANIELA** (*Daniela 2, 20-23 ; 9, 4-19*).

Ao amin'ny FANEKEM-PIHAVANANA VAOVAO dia voalaza tsara fa JESOA KRISTY Irery NO MPANALALANA AMIN'ANDRIAMANITRA SY NY OLONA (*1 Timoty 2, 5* ; *Hebreo 9, 15* ; *12, 24*). Koa ny vavaka ataontsika Kristiana dia amin'ny alalany sy ao Aminy Irery ihany. Izy rahateo, araka ny voalazan'ny apôstôly Paoly, « nitsangana tamin'ny maty ka mitoetra eo ankavanan'Andriamanitra ary mifona ho antsika »*Romana 8, 34*.

➔ *Ny manao Vavaka fisaorana sy fangatahana dia olona iray, na maromaro efa nifandamina ao am-piangonana mba hanao fangatahana mifandimby, ho an'ny hafa. Azo faritana tsotsotra ho toy izao ny vavaka hatao : « vavaka atao amin'ny finoana, amim-pahatokiana sy amim-pahamasinana ary amim-paharetana, italahoana amin'Andriamanitra ho an'ny hafa izay mila mafy dia mafy tokoa ny fanampian'Andriamanitra azy eo amin'ny fiainany »*.🡸

## ➲ MANANA FOTOTRA ARA-TSORATRA MASINA NY VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA.

Efa voalazantsika teo ny « Fanjakà-misorona sy firenena masina » araka ny nambaran'i Petera. Fa mbola azo anampy izany koa ny *Apokalypsy 1, 5-6* : « Ho an'Izay tia antsika ka namaha antsika ho afaka tamin'ny fahotantsika tamin'ny rany sady nanao antsika ho fanjakana, dia mpisorona ho an' »Andriamanitra Rainy, ho Azy anie ny voninahitra sy ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena ».

Andraikitra nomena ny Mpisorona sy ny Levita teo amin'ny Zanak'Isiraely ny mijoro eo anatrehan'Andriamanitra ka manao fanelanelanana ho an'ny olona, mitondra ny hataka sy ny fanatitra eo anatrehan'Andriamanitra (*Nomery 8*). Hazavain'ny *Hebreo 7, 11-19* kosa ny fahasamihafan'ny asam-pisoronana nataon'ny Levita teo amin'ny Zanak'Isiraely sy ny « fisoronana vaovao araka ny fomban'i Melkizedeka » : Teo amin'ny Zanak'Isiraely, voafaritry ny Lalàna dia andraikitra nifandovàna ny asam-pisoronana. Fa amin'ny Fanekem-pihavanana vaovao kosa, tsy araka ny « lalànan'izay didy araka ny nofo fa araka ny herin'ny fiainana tsy manam-pahataperana » izany (*Hebreo 7, 16*). Jesoa Kristy no Mpisoronabe vaovao, satria « mpiantoka ny fanekena tsara lavitra Izy » (*Hebreo 7, 22*). Ireo

mpisorona teo aloha dia mandalo ihany fa tsy navelan'ny fahafatesana haharitra. Jesoa Kristy kosa dia manana fisoronana tsy dimbiasana satria maharitra mandrakizay, « koa amin'izany dia mahavonjy izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy satria velona mandrakizay hanao fifonana ho azy » (<u>*Hebreo 7, 25*</u>).

**Jesoa Kristy no ohatra ho antsika amin'ny vavaka fisaorana sy fangatahana hataontsika.** Tamin'ny rany nalatsaka ho fanavotana antsika dia notanterahiny ny fampihavanana antsika tamin'Andriamanitra, koa rehefa vita fihavanana amin'Andriamanitra isika dia afaka manatona an'Andriamanitra tsy amim-pisalasalana sy amin-tahotra intsony, « Fa tsy manana Mpisoronabe izay tsy mahay miara-mitondra ny fahalementsika isika ; fa ny antsika dia izay efa nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka antsika, kanefa tsy nanana ota. Koa aoka isika hanatona ny sezafiandrianan'ny fahasoavana amin'ny fahatokiana mba hahazoantsika famindrampo sy hahitantsika fahasoavana ho famonjena amin'ny fotoana ilàna izany » (<u>*Hebreo 4, 15-16*</u>). Fantantsika fa tsy nitsahatra nivavaka nangataka ho an'ny hafa i Jesoa Kristy. Nanasitrana ny marary sy ireo azon'ny fanahy maloto Izy. Nivavaka ho an'ny mpianany Izy (<u>*Jaona 17*</u>). Efa nivavaka ho antsika koa Izy, raha nangataka hoe : « Nefa tsy ho an'ireo ihany no angatahako fa ho an'izay mino Ahy noho ny teniny ; mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato Amiko ary Izaho koa ao Aminao, mba ho ao Amintsika koa izy ; mba hinoan'izao tontolo izao fa Ianao no naniraka Ahy. Ary **nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy** ; mba ho iray izy, tahaka ny maha iray antsika. **Izaho ao aminy ary Ianao ato Amiko**, **mba ho tanteraka ho iray izy, mba ho fantatr'izao tontolo izao fa efa naniraka Ahy Ianao sady efa tia azy tahaka ny nitiavanao Ahy** » (<u>*Jaona 17, 20-23*</u>). Niniaviko nosoritana ao anatin'io vavaka nataon'ny Tompo io ny <u>**FANOMEZAM-PAHEFANA ANTSIKA KRISTIANA MINO**</u> mba hangataka ho an'ny hafa amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika.

### ➲ MISY OLONA MANGATAKA MIVANTANA MBA HO ENTINA AMAM-BAVAKA AMIN'IZAY ILÀNY FANAMPIANA AVY AMIN'ANDRIAMANITRA.

Rentsika foana ny olona mangataka amintsika Kristiana hoe « mba ento amim-bavaka e ! » Antony maro samihafa no mahatonga azy ireo hanao izany. Matetika dia « tery ampanahy » ireny olona ireny. Sady fizarana amintsika ny manahirana azy ny fangatahany, no fanehoany fiombonana amintsika sy fahatokisana antsika koa mba hitondra azy eo anatrehan'Andriamanitra. Petera apôstôly sy Paoly apôstôly, raha samy nangataka tamin'ny kristiana namany mba hitondra azy ireo amim-bavaka, dia tsy nanavaka ho sokajin'olona manokana ihany no afaka hanao izany vavaka izany. **Misy fahadisoan-kevitra koa mantsy ho an'ny olona sasany, misaina fa « izay manana fiainam-panahy tonga lafatra sy ankasitrahana eo anatrehan'Andriamanitra ihany (une classe spéciale de « super-Chrétiens » appelés par Dieu à un ministère d'intercession spécifique)» (araka ny fiheverany) no afaka hitondra amim-bavaka. Samy nomena ny Fanahy Masina ao ampony avokoa ny Kristiana mino rehetra, ka sady afaka mangataka ho an'ny hafa araka izay mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra izy**, « <u>*Romana 8, 26-27*</u>), **no afaka mifampivavaka ihany koa. Tsy tombontsoa manokana omena ho an'ny kristiana tena miavaka akory ny fivavahana, fa baiko omen'ny Tompo ho an'ny rehetra izany**. **Fahotana sy fahadisoana eo anatrehan'Andriamanitra ny tsy mivavaka ho an'ny hafa**. Hoy Samoela tamin'ny Zanak'Isiraely, ary tokony horaisintsika kristiana rehetra ho antsika koa izany teniny izany, hoe : « Ary amiko, sanatria raha hanota amin'ny Tompo aho ka hitsahatra tsy hangataka ho anareo ; fa hanoro anareo izay làlana tsara sy mahitsy aho » (<u>*1 Samoela 12, 23*</u>).

Raha nosamborin'i Heroda mpanjaka i Petera, taorian'ny efa namonoan'io mpanjaka io ny maritiora kristiana faharoa (taorian'i Stefana), i Jakoba apôstôly rahalahin'i Jaona, dia

voalaza fa « ny Fiangonana nahery nangataka ho azy tamin'Andriamanitra » (*Asan'ny Apôstôly 12, 5*). Ny Fiangonana manontolo no voalaza fa tsy ampahany fotsiny izay nomena fanomezam-pahasoavana hivavaka akory.

Paoly dia nangataka tamin'ny mpino tany Efesosy mba hivavaka, fa hoy izy hoe : « Mivavaha mandrakariva ao amin'ny Fanahy amin'ny fivavahana rehetra sy ny fangatahana, koa miambena amin'izany amin'ny faharetana sy ny fangatahana ho an'ny olona masina rehetra, ary ho ahy koa, mba homena ahy ny hiloa-bava ka hiteny amin'ny fahasahiana, hampahafantatra ny zavamiafina momba ny Filazantsara » (*Efesiana 6, 18-19*). Mazava tsara fa ny fiainam-bavaka, fangatahana sy fisaorana atao amin'Andriamanitra, dia tena fiainan'ny mino rehetra noho ny firaisany amin'i Kristy. Nangataka tamin'ny Kristiana tany Roma Paoly mba hivavaka ho azy hahavonjy azy tsy ho setrasetrain'ny tsy mpino ary mba hisy fahombiazana fa hankasitrahan'ny olona ny asa fanompoana hataony (*Romana 15, 30*). Namporisika y Kristiana tany Kolosia izy mba hahafaritra hivavaka, ary nangataka azy ireo hivavaka ho azy mba hampian'Andriamanitra izy hitory ny Filazantsara ka hananany izay teny tokony hambarany mazava tsara hitaomana ny olona ho amin'ny Tompo (*Kolosiana 4, 2-4*). Misy ny olona mivavaka mangataka manokana, mitondra ny tenin'ny maro izy amin'izany ao anatin'ny Fanompoam-pivahana iombonana, fa ny rehetra kosa dia miombom-po aminy, mba ho tanteraka araka ny tenin'i Jakoba hoe « Ny vavaka atao amin'ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy ; ary raha manota izy dia havela ny helony. Koa mifaneke heloka ianareo, ary mifampivavaha mba ho sitrana. Ny fiàsan'ny vavaka ataon'ny marina dia mahery indrindra » (*Jakoba 5, 15-16* ). Tsy manana fanorenana ara-tSoratra masina mihitsy ny fiheverana fa natokana ho anjaran'ny olom-bitsy miavaka fotsiny ihany ny Vavaka Fisaorana sy Fangatahana. Misy fandaminana atao amin'ny fanatanterahana izany ao amin'ny Litorjia, fa zava-dehibe ny fahatsiarovantena ho an'izay hanao izany fa misolovava ny maro izy, koa manatanteraka amin'ny fanetrentena ny andraikitra nankinina taminy, fa tsy hikatsaka na oviana na oviana ny hirehareha sy hampisongadina ny tenany.

## 2. MILA FIOMANANA NY VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA !

Hoy izahay tery am-panombohana hoe **Vavaka Litorjika** izany, fa tsy vavaka torapo. Tahaka ny manomana toriteny ny manao Vavaka fisaorana sy fangatahana. Tokony hitandrina mandrakariva mba tsy hialokaloka ao anatin'ny hoe « terem-panahy », fa satria mitondra ny hataky ny olona isika, dia tsy maintsy mivonona, ary indrindra indrindra mangataka mafy mba hotarihin'ny Fanahy Masina eo am-panatanterahana ny Vavaka. Teny tsy ambina, vava tsy voafehy, dia mety ho làlana idiran'ilay Ratsy hanimbana ny fahamasinana omen'Andriamanitra antsika. Zava-doza tsy maintsy sorohina ny hanome fahatafintohinana olona ao anatin'ny vavaka ataontsika.

Na dia tsy misy Fitsipika hentitra aza, dia misy kosa azo lazaina hoe Fepetra fototra (Règles de base) sy tari-dalana izorana mba handrafetana izany Vavaka izany. Ho an'izay efa zatra mivavaka eny imasom-bahoaka dia tsy maninona ihany raha manao araka ny fitarihan'ny Fanahy azy eo am-pivavahana ; fa ho an'ny tsy mbola zatra kosa dia tsaraysara kokoa raha manomana vavaka an-tsoratra mba hovakiana. Ireto manaraka ireto ny Fepetra fototra arahina rehefa hanao Vavaka Fisaorana sy Fangatahana :

### 2.1. MANGATAHA AMIN'NY FINOANA AN'ANDRIAMANITRA (*DEMANDEZ AVEC FOI EN DIEU*)

Tsy mety ny mivavaka raha tsy mino aloha ianao fa hamaly vavaka Andriamanitra. Mazava ny toky nomen'ny Tompo Jesoa Kristy, hoe « Ary na inona na inona no angatahinareo amin'ny fivavahana atao amin'ny finoana dia ho azonareo izany » (*Matio 21, 22*). Raha mbola mampisalasala anao ny zavatra hangatahina, aza lazaina akory. Hoy

Jakoba hoe ; « Raha misy olona tsy ampy fahendrena dia aoka izy hangataka amin'Andriamanitra izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa, fa homena azy izany ? Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hisalasala akory ; fa izay misalasala dia toy ny alondranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany. Koa aoka tsy hanampo handray zavatra amin'ny Tompo ny olona toy izany : olona miroa sain aizy, miovaova amin'ny alehany rehetra » (Jakoba 1, 5-8).
Tsy ny hamaroan'ny zavatra angatahina akory no hahazoana valiny avy amin'Andriamanitra, fa tokony hazava sy hentitra ny fangatahana.

### 2.2. AZA MANADINO NY MISAOTRA SY MANKASITRAKA MIALOHA NY HANGATAKA AMIN'ANDRIAMANITRA (*N'OUBLIEZ JAMAIS DE FAIRE UNE PRIÈRE DE RECONNAISSANCE AVANT DE FAIRE UNE DEMANDE*)

Mahay mangataka isika matetika, fa tsy mahay mankasitraka. Tsara ny manomboka ny Vavaka fisaorana sy fangatahana amin'ny fanehoam-pankasitrahana an'Andriamanitra (prière de reconnaissance): Midera sy mankalaza an'Andriamanitra isika mino noho ny fahasoavan'Andriamanitra miharihary amin'ny fahatsarana nentiny nahary izao tontolo izao (Salamo 19), fa mainka koa misaotra an'Andriamanitra mandrakariva isika noho ny soa tsy tapaka arotsany amin'ny fitantanany ny fiainantsika : « Fa Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina »(Matio 5, 45b).

### 2.3. AZA MANGATAKA NA INONA NA INONA MIHITSY KA MIALA TSINY AMIN'ANDRIAMANITRA ! (*NE RIEN DEMANDER EN PRÉSENTANT DES EXCUSES*)

Isika Malagasy manokana (asa ny any amin'ny firenen-kafa fa tsy fantatro), rehefa milaza zavatra dia matetika tsy mba mahay miteny mivantana fa miolankolana, ary fanao foana ny miala tsiny. Mety hieritreritra angamba isika indraindray fa tsy araka ny sitrapon'Andriamanitra ny fangatahana mety hataontsika (efa mitsara mialoha araka ny sain'olombelona isika). Tsy tokony haka ny toeran'Andriamanitra mihitsy isika. Raha resy lahatra isika fa tsy tokony ambara amin'Andriamanitra ny zavatra holazaintsika dia aleo ajanona avy hatrany, fa tsy mety ny miolankolana sy miala tsiny kanefa mikiry ihany. Tokony hotanantsika mafy mandrakariva ny toky nomen'ny Tompo hoe ; « Raha mitoetra ao Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany » (Jaona 15, 17). Manome malalaka ho an'ny mino araka ny safidiny Andriamanitra, satria tsy araka ny fisainantsika fa voalaza hoe « Fantantsika koa fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voaantso araka ny fikasany rahateo » (Romana 8, 28).

### 2.4. MAMELÀ HELOKA ALOHA TAHAKA NY EFA NAMELAN'ANDRIAMANITRA NY HELOKAREO ! (*PARDONNEZ COMME DIEU VOUS PARDONNE*)

Sarotra amintsika olombelona matetika ny manadino ny ratsy nataon'ny olona tamintsika. Mora foana ny miteny hoe « mamela helokay tahaka ny namelanay izay nanao meloka taminay », kanefa tena sarotra tanterahina izany eo amin'ny fiainana. Mangataka amin'Andriamanitra indraindray, kanefa tsy vita fihavanana amin'Andriamanitra akory. Mazava tsara kanefa ny tenin'ny Tompo : « Aza mitsara dia tsy hotsaraina ianareo ; aza manameloka dia tsy homelohina ianareo ; mamelà dia mba havela ianareo ; omeo dia mba homena ianareo ;

fatra tsara sady ahintsana no afatratra ka mihoatra no omeny eo am-pofoanareo. Fa izay fatra amaranareo no hamarana ho anareo kosa. » *Luc 6 : 37*. Hoy Jesoa Kristy raha nilaza momba ny fanolorana fanatitra (fomba taloha teo amin'ny jiosy izany, fa entina hilazana kosa ankehitriny ny vavaka hanatonana an'Andriamanitra amintsika Kristiana) : « Koa raha mitondra ny fanatitrao eo amin'ny alitara ianao, ary eo ianao no mahatsiaro fa manana alahelo aminao ny rahalahinao, dia avelao eo anoloan'ny alitara ny fanatitrao ka mandehana mihavana aamin'ilay rahalahinao, ary rehefa miverina ianao dia izay vao manolotra ny fanatitrao » (*Matio 5, 23-24*). Mampianatra antsika izany fa tsy fahazarana fotsiny akory no hivavahana amin'Andriamanitra, fa tsy maintsy madio fo tanteraka isika.

### 2.5. AZA MIVAVAKA MBA HO RE SY HITAN'NY OLONA FOTSINY (*NE PRIEZ PAS « POUR ETRE ENTENDU DES HOMMES »*).

Mampianatra antsika izany fa tsy sitrak'Andriamanitra ny vavaka atao amim-pihatsarambelatsihy, fa indrindra indrindra ny vavaka atao amin'ny fiheverantena fa tanteraka sy marina eo anatrehan'Andriamanitra noho ny fanarahana ny fombam-pivavahana fotsiny. Fantantsika fa nifanandrina matetika tamin'ny Fariseo sy ny Mpanora-dalàna Jesoa Kristy ka nanomez tsiny mafy azy ireo noho ny fisehosehoany mba hahitan'ny olona azy ho manaraka ny fombam-pivavahana rehetra, kanefa ny fony dia tsy manao araka ny sitrapon'Andriamanitra. Mbola betsaka ankehitrainy eo amin'ny Fiangonantsika ny olona manahaka azy ireo. Ny tena mampisongadina azy dia ny fahakingany hitsara ny hafa sy hanamarin-tena, fa tsy mba mandinika ny tenany izy ireo na tena manompo an'Andriamanitra amin'ny fony tokoa sady mino, na filan-tsitraka sy fisehoana fotsiny no zava-dehibe aminy. Jesoa Kristy dia nanao fanoharana momba ilay Fariseo sy ilay mpamory hetra. Hoy Izy hoe : « Nisy roa lahy niakatra tao amin'ny tempoly mba hivavaka. Fariseo ny iray ary Mpamory hetra ny iray. Ilay Fariseo nitsangana ka nivavaka nitokana hoe : Andriamanitra ô, misaotra Anao aho fa tsy mba tahaka ny olona izay mpanao an-keriny, tsy marina, mpijangajanga, na tahaka io mpamory hetra io aza… Fa ilay Mpamory hetra kosa  dia nijanona teny lavitra eny sady tsy nety niandrandra ny lanitra akory fa niteha-tratra ka niteny hoe : Andriamanitra ô, mamindrà fo amiko mpanota » (*Lioka 18, 10-13*). ? Misy foana ny olona te hiseho, ary lava resaka rehefa mivavaka. Fa tsy izay no ankasitrahan'Andriamanitra fa ny mahay manetry tena sy mahatsiaro ny tsy fahatanterahany ka mibaboka tanteraka eo anatrehan'Andriamanitra.

### 2.6. REHEFA MIVAVAKA DIA ATAOVY AMIN'NY ANARAN'I JESOA KRISTY, ARY AZA MANADINO MIHITSY NY TENIN'ANDRIAMANITRA MITAIZA ANTSIKA (*PRIEZ AU NOM DE JESUS ET CHERISSEZ LA PAROLE DE DIEU*).

Misy efa zatra ka manao tsianjery fotsiny rehefa mivavaka hoe « amin'ny anaran'i Jesoa ». Tokony handini-tena tsara anefa ary hisaina raha tena mifanaraka aminb'ny fiainan'ny Tompo tokoa ka mety hankasitrahany ny Vavaka atao. Hoy ny tebnin'ny Tompo hoe ; « Ary na inona na inona hangatahinareo amin'ny anarako dia hataoko izany mba hankalazana ny Ray ao amin'ny Zanaka » (*Jaona 14, 13*). Tsy tokony hohadinoina io tapany farany io. Tena hankalazana ny Ray ao amin'ny Zanaka ve ilay vavaka atao, sa mifanohitra amin'izany. Ny mifanaraka amin'ny anaran'i Jesoa dia ny fanekena ny sitrapon'Andriamanitra hitondràny ny fiainantsika araka ny fikasany rahateo, fa tsy araka ny faniriantsika fotsiny.

Tsarovy iolay vavaka nataon'ny Tompo tao Getsemane, araka ny *Lioka 22 : 42* : « Raiko ô, raha sitrakao dia esory Amiko ity kapoaka ity ; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao ». Izay fanekena ny sitrapon'Andriamanitra izay no tena hasarobidin'ny vavaka ataon'ny mino. Fa tsy azontsika tsy hosaintsainina koa ireto tenin'ny Soratra Masina ireto : Hoy Jesoa Kristy : « Raha mitoetra ao Amiko ianareo ka mitoetra ao anatinareo ny teniko dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany » (*Jaona 15, 7*). Ary hoy ny mpanao Salamo hoe : «Raha toa ka nankasitraka ota tao am-poko aho dia tsy mba ho nihaino ny Tompo ; kanefa nihaino tokoa Andriamanitra nanongilan-tsofina tamin'ny feon'ny vavaka nataoko Izy » (*Salamo 66, 18-19*). Mila fiombonana amin'ny Tompo sy fankatoavana ny teniny ny Vavaka fisaorana sy fangatahana.

## 3. ENDRIKA VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA ATOLOTRA HOTAHAFINTSIKA.

Tsy nadikako ireto fa atolotro ho anareo araka ny nandrafetan'ny nanao azy. Tsy tonga lafatra akory ireo, fa hahazoantsika maka ohatra eo amin »'ny Vavaka Fisaorana sy Fangatahana hataontsika.

SEIGNEUR,

Souviens-toi de ton Eglise dans le monde entier,
et manifeste ta grâce et ta vérité parmi tous les peuples.
*(un temps)*
Souviens-toi de tous ceux qui détiennent,
dans ce monde, le pouvoir et la force,
et maintiens-les dans la crainte de ton nom.
*(un temps)*
Souviens-toi des malades, des vieillards, des mourants ;
approche-toi de ceux qui sont dans le deuil,
dans l'anxiété ou l'isolement.
*(un temps)*
Souviens-toi de tous nos proches,
et de ceux que nous nommons en silence devant toi ;
couvre-les de ta protection et environne-les de ta grâce.
*(un temps)*
Dieu tout-puissant, source de toute sagesse,
toi qui connais nos besoins avant que nous les exprimions,
qui sais aussi combien, dans nos prières,
nous ignorons ce qui nous est vraiment nécessaire,
aie pitié de nous : accorde-nous les grâces
que, dans notre indignité, nous n'osons pas implorer,
et celles que, dans notre aveuglement, nous ne savons pas te demander.
Pour l'amour de Jésus-Christ, notre Seigneur. Amen.

DIEU, notre Créateur et notre Père,
Nous t'implorons pour tous les hommes,
quels que soient leur état ou leur condition :
fais-leur connaître tes voies,
et à toutes les nations révèle ton salut.
*(un temps)*

Nous t'adressons aussi nos prières pour ton Eglise dans le monde entier :
dirige-la et gouverne-la toujours par ton Esprit ;
que tous ceux qui se déclarent chrétiens
s'attachent à suivre fidèlement le chemin de la vérité
et demeurent toujours dans la foi et la sanctification
par l'unité de l'esprit et le lien de la paix. *(un temps)*
Nous confions enfin à ta miséricorde
toutes les personnes qui passent par l'angoisse,
qui sont éprouvées dans leur esprit, leur corps ou leurs biens :
viens les consoler et les soulager, toi qui connais les besoins de chacun ;
accorde-leur courage et patience dans l'épreuve
et délivre-les de toutes leurs afflictions.
*(un temps)*
O Dieu, dont le nom est béni du soleil levant au soleil couchant,
remplis nos coeurs de ta connaissance et mets sur nos lèvres ta louange,
afin que de l'orient à l'occident tu sois célébré
par le chant de voix unanimes,
en Jésus-Christ, ton Fils, notre Seigneur. Amen.

SEIGNEUR DIEU,
Tu es près de tous ceux qui t'invoquent.
Accueille nos requêtes et nos intercessions :
Dieu de miséricorde dont la bonté est sans limite,
sois auprès des pauvres et des affligés ;
fortifie dans l'épreuve les malades et les mourants ;
prends soin de tous ceux qui souffrent ;
souviens-toi de tous ceux qui nous sont chers,
de ceux que nous nommons dans le secret de nos coeurs,
de ceux qui ont demandé le secours de nos prières.
*(un temps)*
Dieu Maître du monde, toi qui fais la destinée des nations,
nous te prions pour notre pays ;
assiste dans leur charge ceux qui ont autorité parmi nous ;
dirige aussi les chefs des peuples et accorde la paix au monde,
afin que nous ayons quelque temps pour te connaître
et pour te servir dans la justice et la liberté.
*(un temps)*
Dieu saint et bon, qui as envoyé ton Fils dans le monde
pour rassembler dans l'unité tes enfants dispersés,
veille sur ton Eglise qui combat sur la terre ;
prends pitié de sa détresse,
mets fin à ses divisions,
dissipe ses craintes,
affermis sa foi.

*(un temps)*

Seigneur Dieu, tu entends nos prières
et tu les exauces au-delà de nos espérances ;
accorde aux hommes de ce temps de te connaître
et à ton Eglise de te servir dans l'obéissance de la foi,
dans l'attente du jour où tu seras tout en tous,
par Jésus-Christ, notre Seigneur. Amen.

SEIGNEUR DIEU,
Par nous-mêmes, nous ne savons pas te demander ce qu'il faut ;
viens intercéder en nous par ton Saint-Esprit.

Répands ta lumière sur tous les peuples de la terre :
veille sur les hommes qui les gouvernent,
et bénis tous les efforts qui tendent à promouvoir la paix.

Protège le pays que tu nous as donné :
conduis nos autorités dans une voie juste ;
inspire les responsables de nos Eglises
et renouvelle notre vie à ton service.

Fais reposer ta grâce sur nos familles :
unis parents et enfants dans une même confiance en toi.
Eclaire et dirige les éducateurs de la jeunesse.

Aie pitié de ceux que visite l'épreuve :
console les affligés, secours les malades,
assiste ceux qui sont proches de la mort.

Révèle ta grâce à ceux qui sont en difficulté avec eux-mêmes,
à ceux qui sont aigris ou révoltés,
à ceux qu'on méprise ou qu'on oublie.

Et de nous tous, ô Dieu, souviens-toi selon tes promesses :
que la paix du Christ agisse parmi nous
comme un ferment de ton Royaume qui vient.

*(prières libres de l'officiant)*

Seigneur Dieu, qui inspires toi-même à ton Eglise sa prière et son intercession,
veuille exaucer les requêtes que nous t'avons présentées,
par Jésus-Christ, notre Seigneur. Amen

DIEU tout-puissant,
Tu es le refuge de tous ceux qui cherchent le secours ;
nous venons nous recommander à ta bonté
et t'adresser nos prières pour tous les hommes.

Protège ton Eglise universelle :
corrige ses erreurs, guéris-la des divisions,
afin qu'elle annonce fidèlement ton salut ;
affermis-la contre le pouvoir de l'Ennemi.

Nous te prions pour les découragés,
pour ceux qui souffrent de ne pas suffire à leur tâche ;
dans leur épreuve, donne-leur d'espérer en toi,
accorde-leur la liberté et l'assurance de tes élus.

Souviens-toi des malades,
et de ceux qui voient souffrir et mourir ceux qu'ils aiment.

Aie compassion des vieillards et de tous ceux que l'inaction accable.

Ramène à toi les égarés ;
aie pitié de ceux qui ignorent leur pauvreté de foi.
Attire à toi ceux qui ne savent pas te prier ;
fortifie tous ceux qui n'ont d'autre espérance que toi.

Dirige les hommes qui gouvernent les nations ;
éclaire ceux qui administrent la justice.
Secours les peuples victimes de la guerre ;
inspire à toutes les nations la volonté de vivre en paix.

*(prières libres de l'officiant)*

Seigneur Dieu, aie pitié de ce monde qui t'appartient ;
accueille et exauce dans ta grâce
les prières de ceux qui se confient en toi,
pour l'amour de Jésus-Christ, ton Fils, notre Seigneur. Amen.
SEIGNEUR Dieu, Père tout-puissant,
Bénis ton Eglise par toute la terre.
Garde-la des erreurs et fortifie-la,
afin que partout elle annonce fidèlement ton salut.

Veille sur tous les peuples du monde,
et donne la sagesse à ceux qui les dirigent.
Fais cesser les guerres, nous t'en supplions,
et accorde aux nations en conflit la volonté de trouver une paix équitable.

Préserve-nous des temps de désordre, d'émeutes et de troubles.
Aide-nous à établir un ordre juste et charitable
entre les riches et les pauvres, entre les puissants et les faibles,
chez nous et dans le monde entier,
et à suivre ainsi les traces de ton Fils.

Et puisque ton Fils a accepté de souffrir pour nous,
permets à ceux qui passent par l'épreuve de trouver en lui le courage et la force ;
envoie-leur ton Esprit consolateur
pour qu'ils découvrent la bénédiction que tu places
auprès de chacune de nos douleurs.

Accorde-nous aussi la grâce de réconforter
ceux qui sont accablés de fatigue, de déception, de doutes ;
qu'ils puissent retrouver la joie que tu nous as préparée
en Jésus-Christ, notre Sauveur.

*(prières libres de l'officiant)*

Dieu tout-puissant, notre Père, exauce dans ta bonté
les prières que nous t'avons présentées,
et accueille aussi celles qui sont restées au fond de notre coeur;
pour l'amour de Jésus-Christ, notre Seigneur. Amen.

**G**

SEIGNEUR DIEU,
Toi qui aimes ton Eglise d'un amour éternel,
fais-lui connaître toujours mieux le mystère du Christ
et inspire son témoignage par la puissance de ton Esprit.

Bénis les Eglises en pays de mission ;
fais-les croitre pour que la terre soit remplie de la connaissance de ton nom.
Fortifie les croyants de partout
pour qu'ils proclament avec hardiesse le salut qui est en Jésus-Christ.
Maintiens-nous dans la fidélité à ta Parole
et dans l'obéissance à ta volonté.

Eclaire la conscience de ceux qui paralysent ton Eglise
par leur indifférence ou leurs inconséquences.
Touche le coeur de ceux qui la troublent par leurs sarcasmes.

Donne-nous la force de bénir ceux qui nous maudissent
et la grâce de faire du bien à ceux qui nous haïssent.
Apprends-nous à nous aimer les uns les autres
et à conserver l'unité de l'esprit par le lien de la paix ;
qu'ainsi nous parvenions à la joie de ton Royaume.

*(prières libres de l'officiant)*

Dieu de miséricorde, sois attentif à nos prières,
et pour que tu puisses les exaucer,
inspire-nous toujours de te demander ce qui t'est agréable,
par Jésus-Christ, ton Fils, notre Seigneur. Amen.

**H**

SEIGNEUR Dieu, Père céleste,
Nous te bénissons de nous avoir donné ta Parole
pour nous éclairer et nous instruire.

Ne permets pas qu'il y ait deux parts dans notre vie :
celle qui t'appartient et celle qui t'échappe ;
fais-nous la grâce de t'appartenir pleinement dans tout ce que nous faisons.

Apprends-nous à faire un bon usage des biens que tu nous donnes ;
et accorde les mêmes bénédictions à tous ceux qui nous sont chers.

Regarde avec bonté le pays que tu nous as donné,
et bénis l'Eglise qui lui annonce l'Evangile.

Prends pitié de tous ceux qui, autour de nous, restent sourds à tes appels ;
fais-leur connaître ton salut, amène-les à la repentance,
et qu'il y ait ainsi de la joie dans le ciel.

Assiste dans leur charge ceux qui ont autorité parmi nous ;
donne-leur d'accomplir leur mandat dans la crainte de ton nom ;
qu'ainsi chacun d'entre nous puisse travailler en paix
pour le bien de tous.

Sois avec ceux de nos frères que la maladie et les infirmités
retiennent loin de nous,
avec ceux qui souffrent de leur solitude,
avec ceux qui connaissent des échecs,
avec ceux qui viennent de passer par l'épreuve ;
tiens-toi près d'eux tous pour les consoler et les soutenir,
afin qu'ils gardent la foi et l'espérance.

*(prières libres de l'officiant)*

Dieu trois fois saint, regarde avec bonté ton Eglise et accueille nos prières ;
qu'elles nous rapprochent de toi et du jour où nous te célébrerons
dans ton Royaume, pour les siècles des siècles. Amen.

**I**

SOUVIENS-TOI, Seigneur Dieu,
de ton Eglise répandue par toute la terre.
Tu te l'es acquise par la passion de ton Christ.
Maintiens-la ferme dans la foi, jusqu'à la fin des temps.

Souviens-toi de nos frères de la paroisse de …
et de leur pasteur …,
que l'Eglise recommande à notre prière aujourd'hui.
Garde-les dans la communion de ton Eglise.

Souviens-toi de tous ceux qui, de par le monde,
sont inquiétés à cause de leur foi ou de leur engagement.
Que ton Esprit les soutienne dans leurs épreuves
et qu'il nous rende attentifs à leur détresse.

Souviens-toi de ceux de nos frères
qui sont pris dans des conflits ou dans des guerres.
Garde-les de jamais céder à la haine ou à la vengeance,
afin que ton nom ne soit pas profané ;
mais fais-leur la grâce d'être des artisans de paix.

Souviens-toi de ceux des nôtres qui sont malades, tourmentés ou endeuillés.
Rends-nous proches de leurs peines,
afin qu'ils ne se croient pas privés de ton amour.

Souviens-toi enfin de nous-mêmes
pour que nous soyons des témoins de ta miséricorde.
Bénis tous ceux que nous allons rencontrer cette semaine.